



# BOKY TOROLALANA MOMBA NY FANDRAOFANA FOTAKA AN-KABONE MADIO SY ARA-PAHASALAMANA



*Sary : Eco-dio vidange*

SEPTAMBRA 2021

# FIZAHAN-TAKELAKA

## I. FITSIPI-DALÀNA MIFEHY NY FITANTANANA NY FANALÀNA IREO FOTAKA AN-KABONE

- Ireo Andinin-dalàna mihatra amin'ny fomba fitantanana ny fotaka an-kabone .....	1
- Inona avy ny andraikitra isan-tsokajiny ? .....	1
- Hetra amin'ny fanadiovana .....	1

## II. IREO DINGANA ARAHINA HO AN'NY MPANJIFA MANGATAKA NY HO RAOFINA FOTAKA AN-KABONE

- Ny tokantrano mpanjifa .....	2
- Ny orinasa tsy miankina mpanjifa .....	2
- Dingan'ny fanjifana : tranga ao amin'ny serivisy monisipaly ho an'ny fanadiovana .....	2
- Ohatra iray amin'ny taratasy fidirana an-tsehatra ho an'ny mpaka fotaka an-kabone .....	3

## III. IREO DINGANA ARA-PANJAKANA

- Fisafidianana ny satan'ny orinasa .....	4
- Fananganana orinasa manokana .....	5
- Fananganana orinasa misehatra amin'ny andraikitra voafetra .....	6
- Fananganana orinasa tsy mitonona anarana .....	7
- Fitsipika fanamarinana ireo antonta-taratasy (NIF, STAT,...) .....	8

## IV. IREO DINGANA ARA-TEKNIKA

- Ny fomba fandraofana ireo fotaka an-kabone .....	9
- Ireo fitaovana tena ilaina amin'ny fanandraofana ny fotaka an-kabone .....	9
- Ireo karazana fomba fanalana ny fotaka an-kabone .....	10
- Ny fitaterana ireo fotaka an-kabone .....	10
- Ireo toerana hanadiovana ny fiara mpitativitra fotaka an-kabone .....	11
- Ny taratasy fahafaha-mitondra ny fotaka an-kabone .....	11
- Ny fikirakirana sy ny famarinana ny fotaka an-kabone .....	11

## V. FAHASALAMANA SY FIAROVANA IREO MPANDRAOKA FOTAKA AN-KABONE

- Ireo loza mety hitranga fantatra .....	12
- Ireo torohevitra .....	12

## VI. TOVANA

# FITSIPI-DALÀNA MIFEHY NY FITANTANANA NY FANALÀNA IREO FOTAKA AN-KABONE

## Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanana ny fanalana ireo fotaka an-kabone

Ireo Andinin-dalàna ampiharina amin'ny fomba fitantanana ny fanalana ireo fotaka an-kabone.	Fehezam-pitsipika monisipaly misahana ny fahadiovana an'ny kaominina Renivohitra Antananarivo
Araka ny didim-pitondrana laharana faha 826/13 tamin'ny 27 aogositra nasiam-panovana synofenoin'ireo didim-pitondrana laharana faha 219/20 tamin'ny 12 martsa 2020 sy laharana 260/20 tamin'ny 25 may 2020_andininy 10,11, 12, 13	
Lalàna laharana faha 95-035_andininy 1, 2, 20	Ireo vondrona notendrena hitantana ny fanalana ireo fotaka an-kabone
Lalàna mifehy ny rano, lalàna faha 98-029 andininy faha 2	
Didim-panjakana 2008-1057	Politika sy paikady nationaly ho-an'ny fanadiovana (PSNA)

## Inona avy ny andraikitra isan-tsokajiny ?

Lalàna mifehy ny rano lalàna faha 98-029_andininy faha 12, 13	Ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana dia namolavola tetikasa ho fampandrosona sy fampiroborobona ny fahadiovana rejionaly manerana ny faritra 22.
Lalàna mifehy ny rano : lalàna faha 98-029_andininy 41	Ny kaominina ambanivohitra sy an-drenivohitra no mitantana ny fotodrafirasa.
Lalàna mifehy ny rano : lalàna faha 98-029_andininy 45, 46	Famindram-pitantanana amin'ny rafitra hafa.
Lalàna fehizoro : laharana faha 2014-018_andininy 14, 27, 28	Ireo fahaiza-manao, ireo fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny fitantanana ny raharahan'ny vondrombaoko-paritra hitsinjaram-pahefana.
Lalàna laharana faha 2015-052_andininy 23, 24	Ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany dia namolavola politika nasionaly mifehy ny eo amin'ny lafiny fandrindrana ny tany amin'ny alalan'ny drafitra sy toeram-ponenana an-tanàna.
Lalàna laharana faha 2011-002_andininy 29, 32, 64	Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka dia namaritra fepetra mahakasika nu fitantanana ny fanalana ny fotaka an-kabone eo anivon'ireo tobim-pahasalamana avy aminy fehezam-pitsipiky ny fahasalamana.
Lalàna laharana faha 2015-003_andininy 10	Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosona Lovain-Jafy dia namaritra ireo fitsipika fototra momban'ny fitantanana ny tontolo iainana eo anivon'ny lalàna mifehy ny tontolo iainana Malagasy.

## Hetra amin'ny Fanadiovana

Lalàna laharana faha 95-035_andininy 3, 19, 20	Mombamomba ireo vola aloa any amin'ny tontolon'ny fanadiovana sy fampiharana ny fanangonana ny saran'ny fanaraha-maso fametrahana fitaovalam-pidiovana ho an'ny tsirairay.
--	--

Ireo karazana lalàna fanampiny mifehy ny fanalana ny fotaka an-kabone dia azo jerena ao aminy rohy : [https://www.pseau.org/outils/ouvrages/ran\\_eau\\_la\\_reglementation\\_relative\\_a\\_la\\_gestion\\_des\\_boues\\_de\\_vidanges\\_a\\_madagascar\\_2019.pdf](https://www.pseau.org/outils/ouvrages/ran_eau_la_reglementation_relative_a_la_gestion_des_boues_de_vidanges_a_madagascar_2019.pdf)

# IREO DINGANA ARAHINA HO AN'NY MPANJIFA MANGATAKA NY HO RAOFINA FOTAKA AN-KABONE

## • Raha tokantrano no manjifa

### • Mifandray/Maka hevitra @

Gazety  
Tambazotran-tserasera  
Afisim-pokotany  
Mmpandraoka tay tsy miakina Fkt/ RF2/  
SMA  
Mpiaira-monina  
Fianakaviana  
Mpikirakira

- Mamantatra ilay mpandraoka fotaka an-kabone  
Mangataka fanazavana (teknika, vidy)

- Fitsidihana mialoha ny toerana
  - Famakafakana ny fahafaha-manao
  - Vinavina ara-pitaovana
  - Drafitra fanatanterahana ny asa

- Fanaraha-maso ny fandraofana
- Famerenana ny ara-maso / fanefana ny saran'ny asa fandraofana fotaka an-kabone

### Dingana famantarana

Ny tokantrano dia mila mamantatra mpandraoka fotaka an-kabone raha te hahalala misimisy kokoa (teknika, vidy)

### Dingana amin'ny fahafaha-manao

Ilay mpandraoka fotaka an-kabone no manatanteknika sy ara-bola

Arahin'ilay tokantrano maso ny asa mialohan'ny fandoavam-bola

## • Raha orinasa tsy miankina no manjifa

### • Mifandray/Maka hevitra @

Gazety  
Tambazotran-tserasera  
Afisim-pokotany  
Mpandraoka tsy miankina Fkt/ RF2/SMA  
Mpiaira-monina  
Fianakaviana  
Mpikirakira

- Mamantatra ilay mpandraoka fotaka an-kabone

- Fangatahana ny mombamomba ara-teknika (ny isan'ireo olona mpampiasa azy, karazana lavaka, bizo, fotoana nanamboarana azy)

- Fanaraha-maso ny fandraofana / fanefana ny saran'ny asa fandraofana fotaka an-kabone

### Dingana famantarana

Ny orinasa no mila mamantatra ny mpandraoka tay

### Dingana amin'ny fahafaha-manao

Ilay mpandraoka tay no Arahin'ilay orinasa maso ny asa manatanteknika sy ara-bola

### Dingana fanatanterahana

mialohan'ny fandoavam-bola

## • Torolalan'ny Mpanjifa : Ny eo amin'ny Société Municipal d'Assainissement (SMA)

### • Fangatahana fandraofana fotaka an-kabone ho an'ny mpanjifa tsy miankina araky ny taratasy fangatahana

- Fangatahana any amin'ilay toerana anaovana ny asa, sy toeram-piasana
- Fangatahana misy kasem-pokontany

### • Fitsidihana ny firindran'ny toerana izay tanterehin'ireo lehiben'ny ekipan'ny mpandraoka tay

- Famenoana ireo antontan-taratasy mikasika ny firindran'ny toerana hiasana sy ny asa mifandraika aminy

### • Fanamafisana ataon'ny lehiben'ireo olona misahana ny fandraofana fotaka an-kabone araky ny fitsidihana natao

- Fampahafantara ireo torolalana sy ireo fitaovana ampiasaina amin'izany

### • Fakàna ny hevity ny mpanjifa

- Tontosa ny asa

### • Hetsika fanatanterahana ny fandraofana fotaka an-kabone

- Fanandraofana sy fanaovana ny asa fanampiny ary fanarina ireo maloto eny amin'ny toerana efa voatokana amin'izany

### • Fanamboarana faktiora sy fandoavana ny saran'ny asa fandraofana fotaka an-kabone

- Fanamafisana ny ora sy ny fotoana hanatanterahana ny fandraofana eny amin'ny toerana nomen'ny mpanjifa

**• Ohatra amin'ny taratasy fidirana an-tsehatra ho an'ny mpandraoka fotaka an-kabone**

**FICHE D'INTERVENTION**

A Remplir avant les travaux

INTERVENANT	AGENCE CONCERNE
Nom	Client
Adresse	Lieu
Contact	Contact

**INTERVENANT SUR**

<input checked="" type="checkbox"/> Service de vidange	
<input type="checkbox"/> AUTRE: Evacuation des mâchefers Mise en place des mâchefers Tous types de débouchage	Ouverture des fosses Fermeture des fosses Pose d'interface de type satopan

A Remplir après travaux réalisés

Volume	m3	Evacuation mâchefers	OUI / NON
Ouverture de fosses	OUI / NON	Mise en place mâchefers	OUI / NON
Fermeture des fosses	OUI / NON	tous types de débouchage	OUI / NON
Tous types de débouchage	OUI / NON	Pose d'interface de type satopan	OUI / NON

Heure d'arrivée	Heure de départ

Le FOURNISSEUR	LE CLIENT

## IREO DINGANA ARA-PANJAKANA

### • Fisafidianana ny satan'ny orinasa

	EI <sup>1</sup>	SARL OU SA <sup>2</sup>
Safidin-tsata	Tetikasa kely : orinasa kely	Tetikasa lehibe

*Ny fahasamihafana lehibe sy ny fitoviana misy eo amin'ny karazana orinasa :*

	EI	SARL	SA
Reni-vola antoka	Tsy misy vola hefaina	Farafahakeliny 2 000 000 Ar raha betsaka ny mpiaramiombon'antoka	Farafahakeliny 10 000 000 Ar raha betsaka ny mpiaramiombon'antoka
		Farafahakeliny 1 000 000 Ar raha mpiara-miombon'antoka tokana	Farahafakeliny 2 000 000 Ar raha olon-tokana
Isan'ireo mpiaramiombon'antoka	Olona tokana	Raha eo anelanelan'ny 2 sy 100 ny isan'ny mpiaramiombon'antoka, na olona iray ihany dia aleo misafidy ny orinasa ahitana mpiaramiombon'antoka tokana amin'ny andraikitra voafetra na "Entreprise Unipersonnelle à responsabilité limitée" (EURL)	
Andraikitra	Azo alaina ny fananan'ny mpandrarahaha ahafahana mandoa trosan'ny orinasa nohon'ny fifangarona misy eo amin'ny fananan'ny mpandrahahaha manokana sy ny orinasa.	Ny mpiaramiombon'antoka tsirairay dia tompon'andraikitra feno amin'izay renivola zakany sy nampiasainy. Izany dia tombontsoa goavana raha sendra misy ny fatiantoka, na dia tsy azo alaina aza ny fananana manokana'ny mpandrahahaha	
Fombafomba ara-panjakana	Notisorina	Henjana kokoa Ohatra : - Famolavolana sata amin'ny famoronana - tsy maintsy manokana fivoriambe isan-taona - mila kaonty any amin'ny banky ny orinasa	
Fandoavan-ketra	Ny lalàna ampiharina dia mitovy amin'ny toetra mampiavaka ny asa, ny fivezivezena ary ny safidin'ny hetra (hetra amin'ny fidiram-bola na hetra amin'ny endriny hafa)		

*Ny maha samihafa ny SARL sy ny SA :*

	SARL	SA
Lalàna	Anjara fizarana	Fananana
Fanendrena ireo mpitantana	Mpitantana notendren'ny mpiaramiassa amin'ny alàlan'ny lahatsoratry ny fikambanana na ny hetsika manaraka (Art 291, LOI N° 2003-036)	- Filoha Tale Jeneraly iray, na Filohan'ny filankevimb-pitantanana iray sy Tale Jeneraly iray voafidy amin'ny alalan'ny filankevimb-pitantanana Na - Mpandrindra Jeneraly iray voafidy miaraka amin'ny fomba fitantanana ankapoben'ny SA
Sandany	20 000 Ar	20 000 Ar

• Fananganana orinasa manokana

Dingana 1	Dingana 2	Dingana 3	Dingana 4	Dingana 5
<p><b>Famerenana ireo atontan-taratasy rehetra ilaina</b> ao amin'ny taratasy fangatahana fanorenana</p>  <p>1 fotokopian'ny karapanondrom-pirenena voamarina ara-dalàna.</p>  <p>1 Fanamarinam-ponenana (latsaky ny 3 volana)</p>  <p>1 Taratasy manamarina ny fampiasana NA fanomezana ny trano NA fifanarahana amin'ny fampanofana</p>  <p>Nifonline, fanampiana eny anivon'ny “cyber café” sasantsasany</p>	<p><b>Fametrahana ny atontan-taratasy rehetra ilaina sy fandohavana vola IR/IS any amin'ny ivon-ketra</b></p> <p>ary mahazo tapakila</p> 	<p><b>Fangalàna ny laharana statistika avy amin'ny INSTAT</b></p> <p>amin'ny fampisehoana ny tapakila nandoavam-bola ho an'ny tahiry IR / IS</p> 	<p><b>Fangalàna ny karatra fisoratana anarana any amin'ny ivon-ketra</b></p> <p>amin'ny fampisehoana ny karatra statistika</p> 	<p><b>Fangatahana sy fangalàna ny sombiny a m i n ' n y lisitra arabarotra</b></p> 

Ny orinasa ara-dalàna izay an'ny tena manokana dia tokony mila :

- Karatra fisoratana anarana momba ny hetra
- Karatra statistika
- Fisoratana anarana ao amin'ny rejisytry ny varotra

• **Fananganana orinasa tsy mitonona anarana ary manana andraikitra voafetra**

Dingana 1	Dingana 2	Dingana 3
<p><b>Famerenana ireo antotan-taratasy rehetra ilaina ao amin'ny taratasy fangatahana fanorenana</b></p>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Dika mitovy 6 amin'ny fanamarinana ny satan'ny orinasa</li>  <li>- Dika mitovy 5 misy ny fanamarinam-panofana raha toa ka mpanofa</li>  <li>- Fotokopia 3 an'ny karapanondrom-pirenен'ny tompon'andraikitra voalohany voamarina ara-dalàna.</li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny fahefan'ny mpisolovava ara-dalàna ary kopian'ny karampanondrom-pirenен'ny solontena.</li>  <li>- Dika 2 mitovy amin'ny sora-panjakana na taratasy fanamarinana ara-dalàna latsaky ny 3 volana</li>  <li>- Dika 2 mitovy amin'ny taratasy mazava manambara ny fisian'ny orinasa</li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny fanamarinam-ponenan'ny tompon'andraikitra voalohany (latsaky ny 3 volana)</li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny rafitra fanarahamaso ny toerana misy ilay orinasa</li> </ul>	<p><b>Fametrahana ny antotan-taratasy rehetra sy fandoavam-bola any amin'ny IR/IS</b></p> 	<p><b>Raha latsakin'ny 3 andro, famerenana ny lalampanorenana anivon'ny EDBM</b></p>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Sata momba ny fifanarahana ara-barotra voasoratra</li> <li>- Taratasy fanamarinana ny fandoavana ny ampaham-bola</li> <li>- Karatra statistika sy rosia</li> <li>- Karatra hetra</li> <li>- Sombin'ny taratasy mitahiry ny lisitry ny mpivarotra sy orinasa</li> <li>- Rosia RCS misy ny laharanaRCS</li> <li>- Tapakila fandoavam-bola ho an'ny saram-pisoratana anarana ary ny fandoavam-bola amin'ny amphanan'ny IR</li> </ul>
 <ul style="list-style-type: none"> <li>- Nifonline, fanampiana eny anivon'ny “cyber café” sasantsany</li> <li>- Fanambarana misandraika amin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny tranokala EDBM <a href="https://edbm.mg/guichet-unique/creation-dentreprise/?lang=fr">https://edbm.mg/guichet-unique/creation-dentreprise/?lang=fr</a></li> </ul>		

• Fananganana orinasa tsy mitonona anarana

Dingana 1	Dingana 2	Dingana 3
<p><b>Famerenana ireo antotan-taratasy rehetra ilaina</b> ao amin'ny taratasy fangatahana fanorenana</p>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Dika 6 mitovy amin'ny :           <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fanamarinana ny satan'ny orinasa</li> <li>- Tatitra am-bavan'ny fivoriamben'ny mpikambana</li> <li>- Tatitra am-bavan'ny Filankevi-pitantanana</li> <li>- Fanambarana fisoratana anarana sy fandoavam-bola</li> <li>- Biletà fisoratana anarana</li> <li>- Fanambarana fisoratana anarana sy fandoavam-bola</li> </ul> </li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny fanamarinana ny renivola voaloa</li>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Dika 5 mazava misy ny fanamarinam-panofana raha toa ka mpanofa</li>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fotokopia 3 an'ny karapanondrom-pirenен'ny tompon'andraikitra voalohany voa-marina ara-dalàna.</li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny fahefan'ny mpisolovava ara-dalàna ary fotokopian'ny karapanondrom-pirenен'ny solontena</li>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Dika 2 mitovy misy ny fanamarinana fa tompon'ny orinasa na taratasy misy fanamarinana ara-dalàna latsaky ny 3 volana</li>  <ul style="list-style-type: none"> <li>- Dika 5 mitovy amin'ny fanamarinana ny fisian'ny orinasa</li> <li>- Dika 2 amin'ny fanamarinam-ponenanan'ny tompon'andraikitra voalohany (latsaky ny 3 volana)</li> <li>- Dika 2 mitovy amin'ny rafitra fanaraha-maso ny toerana misy ilay orinasa</li> </ul> </ul> </ul> </ul> </ul>	<p><b>Fametrahana ny antotan-taratasy rehetra sy fandoavam-bola any amin'ny IR/IS</b></p>   <ul style="list-style-type: none"> <li>- Sata momba ny fifanarahana ara-barotra voasoratra</li> <li>- Taratasy fanamarinana ny fandoavana ny ampaham-bola</li> <li>- Karatra statistika sy rosia</li> <li>- Karatra hetra</li> <li>- Sombin'ny taratasy mitahiry ny lisity ny mpivarotra sy orinasa</li> <li>- Rosia RCS misy ny laharanaRCS</li> <li>- Tapakila fandoavam-bola ho an'ny sarampisoratana anarana ary ny fandoavam-bola amin'ny amphan'ny IR</li> </ul>	
<ul style="list-style-type: none"> <li>- Nifonline, fanampiana eny anivon'ny "cyber café" sasantsasany</li> <li>- Fanambarana mifandraika amin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny tranokala EDBM <a href="https://edbm.mg/guichet-unique/creation-dentreprise/?lang=fr">https://edbm.mg/guichet-unique/creation-dentreprise/?lang=fr</a></li> </ul> 		

• **Fanamarinana ireo atonta taratasy (NIF, STAT,...) :**

SARL/SA



Ny EDBM dia miandraikitra ny fitahirizana rehetra eo anivon'ireo orinasa tompon'andraikitra (RCS, INSTAT, NIF)

**ORINASA MANOKANA**

Toerana fandoavan-ketra	INSTAT	Toerana fandoavan-ketra	Fitsarana
Fametrahana ny antontan-taratasy rehetra sy fandoavam-bola any amin'ny IR/IS	Fahazoana ny lahara-na statistika	Fangalàna ny taratasim-pitsoratana anarana momban'ny hetra na ny CIF	Fangatahana famerenana ny sombin'ny lisitra ara-barotra
Fahazoana tapakila	Fampisehoana ny tapakila nandoavana ny petra-bola IR / IS	Fampisehoana ny karatra statistika	

• **Ireo dingana arahina mialohan'ny hanatanterehin'ny mpandraoka fotaka an-kabone ny asany :**

- Fampanarahan-dalàna an'ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone (RF2 na fikambanana hafa) eny anivon'ny Faritany (fahazoana rosia) ;
- Fankatoavana omena an'ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone ;
- Fampiofanana ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone mahakasika ny tolotra fandraofana kabone (fandraofana, fitaterana, fitaovana ampiasaina, sns.) izay ataon'ny mpiara-miombon'antoka ara-bola sy arateknika ;
- Famolavolàna fifanaraham-piarahamiasa iarahana amin'ny SMA ;
- Fahazoan-dàlana miditra ao amin'ny toerana fikirakiràna fotaka an-kabone tantanin'ny SMA

• **Ireo dingana amin'ny fampanarahan-dalàna ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone :**

- Fampanarahan-dalàna an'ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone (RF2 na fikambanana hafa) eny anivon'ny Faritany (fahazoana rosia) ;
- Fankatoavana omena an'ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone ;
- Fampiofanana ireo mpisehatra amin'ny fandraofana kabone mahakasika ny tolotra fandraofana kabone (fandraofana, fitaterana, fitaovana ampiasaina, sns.) izay ataon'ny mpiara-miombon'antoka ara-bola sy arateknika ;
- Famolavolàna fifanaraham-piarahamiasa iarahana amin'ny SMA ;
- Fahazoan-dàlana miditra ao amin'ny toerana fikirakiràna fotaka an-kabone tantanin'ny SMA

# IREO DINGANA ARA-TEKNIKA


## • Ny fomba fandraofana ireo fotaka an-kabone<sup>4</sup>

Ny atao hoe fandraofana dia ny fanatanterahina ny vidanzy amin'ny kabone iray.

Fanomanana ireo fitaovana entina Famoahana ny lavakà kabone mandraoka ny fotaka

Fanalana ireo fotaka ety ambonin'ny lavaka




Fanafangaroana ireo fangaro rehefa ao anaty lavakà kabone



Fanakatonana ny lavaka kabone ary fanadiovana ny faritra hiasana

Famoahana ireo barika ho any amin'ny fitaovam-pitanterana

Fitrandrahana/Fanalana ireo fotaka an-kabone



Sary : Ny dingana samihafa amin'ny asa fanalana fotaka an-kabone

Loharano : PRACTICA FOUNDATION



Mila asina tady famantarana manodidina ny toerana hiasana mba hiarovana izany.

## • Ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fandraofana

Sokafana/savaina ny lavakà kabone sy ny sarona  
“barre à mine” “tournevis” “massette” “burin”



Kaofina ireo fotaka mbola mivaingana tsy voaala  
“pelle” “fourche” “seau métallique”



Alana ireo fotaka ao amin'ny lavakà kabone  
“pompe” “godet”



Trohana ireo fotaka “tuyau”



Taterina amin'ny fitaovam-pitanterana ireo fotaka voaala  
“fût”



Fefena ny faritra hiasana - Homanina ireo fitaovana entina amin'izany  
“bâche”



Fiarovana ireo mpandraoka fotaka an-kabone  
“masque” “combinaison” “gants” “casques” “bottes”



Diovina ny faritra niasana sy ny barika nitaomana izany  
“éponge” “savon” “désinfectant”



• **Ireo karazana fomba fanalana fotaka an-kabone**

Fomba	Famaritana
<b>Fomba fanalana ireo fotaka atao-tàana</b>	
Fomba fanadiovana ny barika azo esorina	 <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fifangaron'ny kabone “urine modulaire et mobile”.</li> <li>- Ahitana barika azo esorina misarona tsara (IDEO, 2012).</li> <li>- Soloina barika vaovao mbola tsy misy na inona na inona ny barika efa feno.</li> <li>- Ny barika efa feno dia entina any amin’ny toerana fikirakirana izany.</li> </ul>
Fitrandrahana mivantana	 <ul style="list-style-type: none"> <li>- Ny fanalana fotaka dia atao amin’ny alalan’ny siny sy lapelina lava taho na “godet”</li> </ul>
<b>Fanadiovana amin’ny alalan’ny milina</b>	
 <p>paompy “gulper”      paompy tanana “à diaphragme”</p>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Amin’ny alalan’ny paompy “Gulper” sy paompy tanana “à diaphragme”, isan’ny fitaovana be mpampiasa indrina eto Madagasikara, no hanatanterahana ny fanadiovana.</li> </ul>
Fitaovana fanaovana vidanzы misy motera “motopompe à membrane” sy kamiao	 <ul style="list-style-type: none"> <li>- Amin’ny alalan’ny “motopompe à membrane” sy kamiao fanalana fotaka no hanadiovana ny gabone sady hitaterana ireo fotaka sy amany.</li> </ul>

• **Ny fitaterana ireo fotaka nandritra ny fanadiovana :**

Ireo fepetra momba ny fiara	Ireo fepetra takiana momba ny fitaterana
<ul style="list-style-type: none"> <li>- Ny fiara rehetra mitatitra fotaka an-kabone dia mila maneho ny taratasy manamarina ny fahafahany mitatitra ireo fotaka na ny takela-by famantarana mifandraika amin’izany ;</li> <li>- Tsy azo atao ny mitatitra sakafio amin’ireny fiara ireny ;</li> <li>- Raha fiara hofaina, ilazana ny mpamily na ny tompom-piara mahakasika ny entana taterina ;</li> <li>- Mila asiana tohana ny sisin’ny tranofiara mba hiarovana ireo fotaka anaty barika tsy ho very ;</li> <li>- Mila asiana labasy ny gorodon’ny fiara mba ho fiarovana ny fiara sy mba hanamora ny fanadiovana azy ihany koa raha sendra ka misy fahaverezan’ny entana taterina.</li> </ul>	<p><b>Tandrovana ny fitaterana mihoatra ny tokony ho izy</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Ilaina fantatra ny lanja sy ny fahefa-mitatitry ny fiara mba hahafantatra ny lanjan’ny fotaka afaka tanterina.</li> </ul> <p><b>Mivezivezy araky ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Mila arahana hatrany ireo lalàna mifehy ny fifamoivoizana. Tsy maintsy entin’ny mpampily amin’ny hafainganam-pandeha mora sy am-pitandremana ny fiara satria tsiahivina fa mampidi-doza ny fotaka tateriny.</li> </ul> <p><b>Diovina ireo nihoatra</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Ilaina diovina amin’ny rano misy klôro ireo rehetra nitobaka teny an-dalàna nandritra ny fitaterana izany</li> <li>- Mila diovina any amin’ny toerana voatokana ny fiara nitatitra fotaka mba tsy hisian’ny mety fifampikasohan’ny olona amin’ny fotaka an-kabone notaomina.</li> </ul>

### • Ireo toerana hanadiovana ny fiara

Ireo toerana voatokana hanadiovana ny fiara dia tokony lalan-drano azo antoka tsara ary ambanin'ny tany na misarona.

### • Ny taratasy fahafaha-mitondra ny fotaka

Eny anivon'ny kaominina no hangalana ny taratasy fahafana mitatitra izany.

### • Ny fikirakirana sy ny fanariana ny fotaka

Mizara roa ny teknolojian'ny fanodinana :

Teknolojia miompana kokoa amin'ny fanodinana ireo rano maloto avy amin'ny kabone	Teknolojia mirona kokoa amin'ny fanodinana ireo fotaka
<ul style="list-style-type: none"> <li>- Ireo fosses septiques misy fizarana iray na roa izay tsy ahiana hisy ho very ;</li> <li>- Ny rafitra fosses septiques misy fanariana sy fanatatavanina araky ny tokony ho izy ;</li> <li>- Milina fandrianm-potaka nohitarina (UASB) ;</li> <li>- Toby fandrarina ny fotaka (tsy asiana riotra, misy rivotra na tsia, tsy misy rivotra, fanamatorana) ;</li> <li>- Ireo faritra mando voajanahary sy artifisialey ;</li> <li>- Ny fanodinana ny rano maloto amin'ny alalan'ny fanaparitahana (sivana maivana, sivana faingana [sivana] ary fitsotsoriky ny rano na fisitrihan'ny rano any ambanin'ny tany).</li> <li>- Ny vondrona fanodinana sy fikarakarana biologika, izay miantehitra matetika amin'ny famokarana mikraoba (toy ny sivana mitete na kapila biologika), ny fizotry ny famokarana mikraoba miantona biologika (toy ny fotaka mihetsika maivana), na ny fifangaroana rafitra mifangaro fandefasana rivotra (ireo famokarana mikraoba izay miato ary voatahiry anaty toerana fitahirizana iray).</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Toerana fanatevenana/fiangonan'ny atsanga ;</li> <li>- Fandriam-potaka fanamainana tsy mbola nambolena ;</li> <li>- Fandriam-potaka fanamainana misy voly ;</li> <li>- Fanamboaran-jezika (rehefa ilaina ny zezika miaraka amin'ny fako organika hafa misy) ;</li> <li>- Milina tsy idiran-drivotra mandeha amin'ny entona voajanahary.</li> </ul>

### *Ireo tokony atao amin'ny fanariana ny fotaka*

- Taterina ary arina any amin'ny toerana fanodinana azy ireo fotaka rehetra. Ny fikasana manary izany any amin'ny toeran-kafa dia afaka manala avy hatrany ny taratasy fanomezan-dàlana nomena.
- Ny fako mivaingana dia tsy maintsy esorina eo amin'ny fidirana voalohany, amainina ary apetraka ao anaty efitrano fitoerana manokana na toerana voatokana.
- Ny fako dia tokony sarahina amin'ny fotaka an-kabone dieny eo amin'ny toerana hidirana na fandraofana any amin'ny tobim-pikirakirana. Ny sivana dia tokony horaisin'ny mpiasa iray avy amin'ny ekipa mpanala fotaka an-kabone na mpiasa eo amin'ny toerana ary afindra any amin'ny faritra fanamainana an'ireo fako mivaingana. Ny mpiasan'ny tobim-piantsonana dia tokony hanaramaso sivana makarakara mba hahazoana antoka fa tsy misy vaingana any amin'ny fiafarlan'ny asa ary manome fahazoan-dàlana hialan'ny mpikirakira fotaka an-kabone.

# FAHASALAMANA SY AROLOZA HO AN'NY MPANDRAOKA KABONE

Miatrika loza mety hitranga maro mazàna ireo mpandraoka kabone rehefa manatanteraka ny asany. Ilaina araka izany ny mihevitra ireny loza mety hitranga maro samihafa ireny sy ny mametraka fepetra hanampy amin'ny fampihenana azy.

## • Ireo loza mety hitranga fantatra<sup>5</sup>

Ara-batana : <ul style="list-style-type: none"><li>- Fihotsahan'ny lavaka mandritra ny fanalana ny fotaka an-kabone ;</li><li>- Mibolisatra, tafintohina ary mianjera ;</li><li>- Fisian'ny zavatra manindrona na maranitra ao anaty fotaka an-kabone angonina (oh. : vakina vera na tapa-by) ;</li><li>- Filanjana enta-mavesatra (oh. : saron'ny lavaka na barika feno fotaka an-kabone niangona) ;</li><li>- Lozan'ny fifamoivoizana (indrindra mandritra ny fitaterana).</li></ul>	Ara-tsimeka : <ul style="list-style-type: none"><li>- Fifampikasohan'ny vava, orona sy hoditra mivantana na ankolaka amin'ireo vokatra simika (oh. : akoranafo nararaka anaty lavaka indraindray nanaromana fofona, na dia tsy tokony hatao aza izany) ;</li><li>- Fiasana anaty toerana mhiboka misy entona manimba (oh. : metanina, gazy solifara) na anaty toerana tsy ampy oksyzena (indrindra raha tsy mampiasa milina amin'ny fananala ny fotaka an-kabone niangona).</li></ul>
Ara-biolojika : Tokony hoheverina ireto loza mety hitranga ara-biolojika manaraka ireto : fifampikasohan'ny vava, orona na hoditra mivantana na ankolaka amin'ny mikraoba maro voatahiry ao anaty fotaka an-kabone niangona (oh. : bakteria, otrikaretina, « protozoaires » na kankana).	Ara-tsaina : Fnagejan'ny alikaola sy/na zava-mahadomelina (indrindra indrindra noho ny tsy fahampian'ny fanomezan-danja ity asa ity sy ny fepetra sarotry ny asa).

## • Ireo torohevitra

Ho fiarovana ny mpandraoka kabone am-perinasa sy hiantohana izay hasoao azy ireo dia maro ireo fepetra tokony horaisina. Ny sasany amin'ireo torohevitra ambany ireo dia notsoahina avy tamin'ireo adidy voatanisa etsy ambony.

- Manome fitaovam-piarovana ny isam-batan'olon'ny mpandraoka kabone : fonon-tanana (gant) fingotra, aroakanjo lava, baoty, aro vava-orona, aroloha.
- Manome fitaovana fanalana fotaka an-kabone ho an'ny mpandraoka kabone izay mameatra ny fifampikasohana amin'ny fotaka, na ahafahany tsy midina anaty lava-gabone ;
- Manome fitaovana ho an'ny mpandraoka kabone izay mameatra ny fibatan'izy ireo mivantana enta-mavesatra (daba amin'ny hadiry antonony, fiara fitaterana misy kodiarana...) ;
- Manome fitaovam-pamantarana ho an'ny mpandraoka kabone (kitsoloha famantarana, takela-pamantarana misy soratra « Fandoarana kabone ») ;
- Manofana ny mpiasa mahakasika ny fombafomba, ny loza mety hitranga sy ireo fepetra tokony horaisina eo anatrehan'izany ;
- Mamolavola dingana tokony arahina raha misy ny amehana ary mampahafantatra izany an'ireo mpandraoka kabone ;
- Manome fitaovana hisasana (vatana sy tanana) amin'ny rano madio sy savony, sy toerana hisoloana akanjo ;
- Manome fitaovana hanasana ny fitaovana nampiasaina ;
- Mandrara ny fiinanana sakafio eo amin'ny toeram-piasana (hamerana ny mety ho fahatongavan'ny fotaka an-kabone any am-bava) ;
- Mandrara ny fifohana sigara (hamerana ny mety ho fahatongavan'ny fotaka an-kabone any am-bava) ;
- Miantoka ny fanaovana fanaraha-maso ara-pahasalamana miverimberina ara-potoana any amin'ny mpitsabo;
- Manao vaksiny fanefitry ny aretina mety ho azo mandritra ny fanaovany ny asany ho an'ireo mpandraoka kabone (oh. : hepatita A, tetanos) ;
- Manamora ny fahafahan'ny mpandraoka kabone misitraka fiantohana ara-pahasalamana na ny fahafahany miditra ho mpikambana amina ombona ara-pahasalamana tandrify ny filan'izy ireo.

# LISITRY NY TOVANA

## TOVANA I

- Andinin-dalàna mihatra amin'ny fitantanana ny maloto niangona an-kabone ..... 13-15
- Andinin-dalàna mifandraika amin'ny andraikitry ny tsirairay ..... 16-18
- Andinin-dalàna mifandraika amin'ny tamberin-ketra sy ny fitantanana ny maloto niangona ..... 18-21

## TOVANA II

- Ohatry ny dingana arahina amin'ny fanaovana fifanekem-piasana amina mpisahan-draharaha fanalana maloto an-kabone miaraka amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ..... 22

## TOVANA III

- Ireo fomba fanalana maloto an-kabone ..... 23-25
- Lisitr'ireo toby fanodinana maloto niangona an-kabone eto Madagasikara ..... 26
- Fahazoan-dalana manokana amin'ny fitaterana ny maloto niangona an-kabone ..... 27

## TOVANA IV

- Ireo andraikitra takian'ny lalàna mifandraika amin'ny fahasalamana sy aroloza ..... 28

**Didim-panjakana laharana faha 2008-1057 momba ny Politika sy Paikadim-pirenena momba ny Fanadiovana (PSNA)**

Ny fanadiovana dia ny fitambaran'ny hetsika rehetra natao hiantohana ny fahadiovan'ny faritra misy mponina sy ny famerana ny fiantraikan'ny fahalotoan'ny tontolo iainana. Misy tanjona roa ny fanadiovana :

1. Mitandro ny fahasalamon'ny mponina ;
2. Mampihena ny fiantraikan'ny fandotoana eo amin'ny faritra voajanahary.

**Fehezan-dalàna momba ny Rano : lalàna laharana faha 98-029****• Andininy 2**

Ny fanadiovana ambonivohitra dia iantohan'ny :

- "Société Municipale d'Assainissement" (SMA) ho an'ny kaominina Antananarivo ;
- rafitra miankina amin'ny fanjakana ho an'ireo kaominina nanapa-kevitra ny hanorina azy ;
- sy kaominina na fiombonan'ny samy kaominina manerana ny faritra ambiny rehetra eto amin'ny firenena.
- Ny rafitra teo aloha misahana ny Fanadiovana ambonivohitra dia hamindra ny fitaovana sy fampitaovana rehetra sy izay fahaiza-manao rehetra ananany amin'ireo rafitra tompon'andraikitra. Hisy ny didim-panjakana fampiharana hamaritra ny fombafomba firotsahan'ny kaominina na fiombonan'ny samy kaominina antsehatra aorian'ny fifampidinhana amin'ny Manam-pahefana eny ifotony.

**Lalàna laharana faha 95-035****• Andininy voalohany**

Omena alalana eto amin'ny fari-piadian'ny Repoblika eny anivon'ny kaominina :

- ny manangana antokon-draharaha misahana ny fanadiovana ambonivohitra
- ny mamory tamberin-ketra ho an'ny fanadiovana ambonivohitra

**• Article 2**

Ny fanadiovana ambonivohitra dia iantohan'ny :

- "Société Municipale d'Assainissement" (SMA) ho an'ny kaomininan'Antananarivo ;
- rafitra miankina amin'ny fanjakana ho an'ireo kaominina nanapa-kevitra ny hanorina azy ;
- sy kaominina na fiombonan'ny samy kaominina manerana ny faritra ambiny rehetra eto amin'ny firenena.
- Ny rafitra teo aloha misahana ny fanadiovana ambonivohitra dia hamindra ny fitaovana sy fampitaovana rehetra sy izay fahaiza-manao rehetra ananany amin'ireo rafitra tompon'andraikitra. Hisy ny didim-panjakana fampiharana hamaritra ny fombafomba firotsahan'ny kaominina na fiombonan'ny samy kaominina antsehatra aorian'ny fifampidinhana amin'ny manam-pahefana eny ifotony.

**• Article 20**

Orinasa ankatoavin'ny kaominina no tsy maintsy miantoka ny fananganana na ny fandoarana maloto an-kabone amin'ny fotodrafitsara fanadiovana an'ny isam-batan'olona araka ny fepetra nofaritan'ny didimpitondrana monisipaly. Io didim-pitondrana io no hamaritra indrindra ireo fepetra teknika tokony hohajaina sy ireo fombafomba famoriana tamberin-ketra amin'ireo asa fanorenana na fandoarana maloto an-kabone. opérations de construction et de vidange

**Didim-pitondrana monisipaly momba ny fehezam-pitsipika misahana ny fikoloam-pahasalamana an'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra laharana faha 826/13 tamin'ny 27 aogositra 2013 nasiam-panovana sy notovanana tamin'ny didim-pitondrana monisipaly laharana faha 219/20 tamin'ny 12 marsa 2020 sy laharana faha 260/20 tamin'ny 25 may 2020**

**• Andininy 10**

Ny trano fonenana sy ny trano ampiasain'ny besinimaro dia tsy maintsy manana toeram-pivoahana. Ireo trano fivoahana ivelan'ny trano fonenana dia tsy azo atao latsaky ny 3 metatra miala ny sisin-dalam-bahoaka na ny faritry ny tanàna mifanila. Tsy maintsy ezahana hatrany ny fikojana, ny fanatsarana ary ny fahadiovan'izany.

**• Andininy 11**

Rarana mafy ny fampiasana kabone lavaka mandra-pahafenony tanteraka. Ny fanalàna maloto amin'ny kabone lavaka dia tsy azo atao raha tsy nahazoana alàlana tamin'ny Kaominina Ambonivohitra taorian'ny nametrahana fangatahana, iray volana alohan'ny hanatanterahana azy. Ny fanantanterahana izany dia tsy maintsy atao amin'ny alina ary raha olona no mitaona ny maloto, dia halevina amin'ny toerana tsy mihoatra ny faritry ny tanànany izany.

**• Andininy 12**

Raha toa ka mety hiteraka fitarainana marim-pototra ny trano fivoahana, na amin'ny lafiny fahadiovana na amin'ny lafiny fofona, dia mandray ny fepetra rehetra ilaina ny Biraon'ny Fikoloam-pahasalamana, ary ny tompon-trano na izay mipetraka ao dia tsy maintsy manatanteraka izany fepetra izany ao anatin'ny iray volana, raha tsy izany dia hambara fa tsy ara-pahasalamana ny toerana. Ny filazana ny tsy maha ara-pahasalamana dia amin'ny alalan'ny tatitra izay ataon'ny mpanara-maso ny fikoloam-pahasalamana voamarin'ny Lehiben'ny Sampandraharaoha Monisipaly miandraikitra ny Fikoloam-pahasalamana. Izany dia midika ho tsy fahazoana monina ao amin'ny trano izay lazaina fa mamparary.

**• Andininy 13**

Any amin'ny toerana ampiasain'ny besinimaro, ny isan'ny trano fivoahana sy ny toeram-pamaniana dia faritan'ny sampandraharaoham-panjakana ao anatin'ny fahazoan-dalana hanorina, izay ampifanarahiny amin'ny isan'ny olona mety hampiasa izany trano fivoahana na toeram-pamaniana izany.

**• Andininy 16**

Voarara avokoa ny fanariana any anaty dabam-pako ikambanana ireto zavatra manaraka ireto : maloto niangona, fako mivaingana, amany na diky ary amin'ny ankapobeny ireo vaingan-javatra na akora mafy, tahaka ny biriky, fanitso, tavoahangy, vy, vatomely, fako avy amina trano rava, fakona fitaovam-panorenana, fakon'ahidratsy, fako avy amin'ny fikojakojana zaridaina na fakon-java-maniry avy amin'ny fandrantsanana, kodiarana tonta, baoritra, taratasy famonosana, fako azo avy amin'ny fanatanterahana asam-barotra, ireo fako avy amin'ny toeram-pitsaboana sy ny industria sy ireo fako misy poizina. Ireo zavatra ireo dia taterin'ny tompony, na ny mpianto-draharaha na ny sampandraharaoha misahana ny fitantanana sy fikojakojana ny lalam-bahoaka mankany amin'ny toerana fanatobiana fako, ary andraisanty farany tamberin-ketra izany. Rarana ihany koa ny manipy eny amin'ny lalam-bahoaka sy ireo miankina aminy toy : ny sisin-dalana, ny lakan-drano ary ny fantsona fanarian-drano maloto, ireo rano tsy ara-pahasalamana, fako, maloto niangona, fakon-tokantrano, diky, fakon-dakozia ary ireo zavatra hafa rehetra mety hiteraka fanimbana, na hisakana ny fikorian'ny ranon'orana, na hanelingelina ny fifamoivoizana, na hanimba ny fikoloam-pahasalamam-bahoaka na hanakorontana ny filaminam-bahoaka.

**• Andininy 19**

Voarara mafy ny manipy rano maloto avy eny am-baravarankely na ny manary izany eny amin'ny lalam-bahoaka. Voarara ihany koa ny manipy anaty lakan-drano, renirano, farihy na dobo, na ny mametraka eny amin'ny sisin'izy ireo, ireo fako sy potipoti-javatra isan-karazany, ao anatin'izany ny diky sy ny rano misy menaka.

### • Andininy 23

Ireo mpampiasa sy tompon'andraikitrty ny paompim-panjakana dia tsy maintsy mandray fepetra hisorohana ny fihandronan'ny rano eo amin'ny faritra manamorona ny fantsakana.

Ankoatra ny famatsiana rano fisotro madio dia voarara ny fampiasana ny paompim-panjakana ho amin'ny fanasan-damba, fanasana fitaovana an-dakozia, fisasana, fanasana fiarakodia, ary voarara ihany koa ny fanariana diky na akora hafa mety handoto ny loharano izay mamatsy ny rehetra.

### • Andininy 24

Voarara ny manary anaty lavaka ireo fatim-biby, ireo sisa avy amin'ny fivarotan-kena, ireo zezika avy amin'ny biby, na diky hafa, ary ireo sisam-biby mety lo amin'ny ankabobeny, izay mety handoto ny rano natao hosotroina. Ny fahatratrarana ambodiomby ny fandikana izay voalazan'izao fepetra izao dia mitarika ho amin'ny fanefana sazy izay mifototra amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovan'ny toerana na ny fotodrafirasa sy ny manodidina azy, ka tsy tohinina ny fandoavana sazy ara-bola mifandraika amin'izany.

## **ANDININ-DALANA MIFANDRAIKA AMIN'NY ANDRAIKITRY NY TSIRAIRAY**

### **Fehezan-dalàna momba ny Rano: lalàna laharana faha 98-029**

#### **• Andininy 12**

Ny vatatenan'olona rehetra na fikambanana, fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe na isam-batan'olona, misahana asa aman-draharaoha mety hitera-doza ho an'ny loharano sy ny fahadiovan'ny faritra misy azy dia tokony handray ny fepetra manokana hiantohany ny fanafoanana na ny fisorohana ny loza voazaha na vinavinaina hitranga. Raha sendra misy ny tsy fanajana ireo fepetra voarakitra amin'ny andalana etsy ambony, ny tompon'antoka amin'ny fandotoana dia didiana handoa onitra, araka ny feni-kevitra momba ny mpandoto-mpanonitra, ka ny sandany dia faritan'ny didy amam-pitsipika, araka ny halehiben'ny fandotoana natao.

#### **• Andininy 13**

Ho fampiharana izao fehezan-dalàna izao, ny « fandotoana » dia izay rehetra famarinana, fanakorianana, fanariana, fanatobiana zavatra mivantana na ankolaka, na inona na inona karazany, ary amin'ny ankabobeny dia izay rehetra atao ka mety hiteraka na hampitombo ny fahasimban'ny rano, amin'ny alalan'ny fanovana ny toetoetrany fizika, simika, biolojika na bakteriolojika sy « radioactive », na ho an'ny rano ambonin'ny tany na ambanin'ny tany.

#### **• Andininy 41**

Ireo kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra no tompon-draharaoha amin'ny petra-pitaovana famatsiana rano fisotro madio sy fanadiovana miaraka ireo rano maloto avy amin'ny isan-tokantrano, eo amin'ny toerana misy azy avy. Misahana izany andraikitra izany izy ireo amin'ny alalan'ny filan-kevity ny kaominina. Na izany aza anefa, ny Ministera misahana ny Rano Fisotro Madio no misahana izany andraikitra izany mandrapahafenor'ny kaominina ireo fepetra fahaiza-manao voafaritry ny didim-panjakana hanaovana manontolo na ny ampahany ny andraikitry ny tompon-draharaoha. [...]

Noho izany, ireto andininy manaraka ireto dia manome fahafahana mamindra ny fitantanana amina rafitra hafa.

#### **• Andininy 45**

Ny mpitantana ny petra-pitaovana famatsiana dia ny mpitandraka, vatatenan'olona na fikambanana fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe na ny isam-batan'olona, Malagasy na vahiny, anankinan'ny tompon-draharaoha ny fanatanterahana sy/na ny fitantanana sy fikojakoana mivantana ny petra-pitaovana. Raha fikambanana fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona no miasa ho mpitantana ny petra-pitaovana, dia tsy maintsy atsangana ho orinasa fehezin'ny lalàna malagasy izy, araka ny fepetra ara-dalàna sy ara-pitsipika manan-kery.

#### **• Andininy 46**

Ny fitrandrahana ny petra-pitaovana famatsiana dia azo ankinina amina mpitantana, amin'ny alalan'ny fifanaraham-pitantanana, fifanaraham-panofana na fifanarahana fandraharaham-pamokarana, na azon'ny tompon-draharaoha tantanina mivantana ihany koa, noho ny antony manokana. Ireo fifanarahana ireo dia natolotra mba hahazoana alalana mialoha avy amin'ny Antokon-draharaoha Mpifehy. Misy didim-panjakana mamaritra ny fepetra fampiasana ireo fomba fitantanana ankinina samihafa ireo sy mandamina ny fomba fitondrana ny fifanaraham-pitantanana, fifanaraham-panofana sy fifanarahana fandraharaham-pamokarana ; io didim-panjakana io no mamaritra ny fepetra sy paika arahina amin'ny fifampiraharohana sy ny fitaomana hanao tolobidy ho an'ireo karazana fifanarahana telo ireo.

### **Lalàna fehizoro laharana faha 2014-018**

#### **• Andininy 14**

Araka ny voalazan'ny andininy faha-141 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no miantoka, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana, ny filaminam-bahoaka, ny fiarovana ny olom-pirenena, ny fitantan-draharaoham-panjakana, ny fanajariana ny tany, ny fampandrosoana ara-toekarena, ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fanatsarana ny seha-piaianana.

## • Andininy 26

Araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-149 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Kaominina dia mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-piarahamonina, ara-kolontsaina sy ara-tontolo iainana ao amin'ny fari-piadidiany. Ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia miankina indrindra amin'ny fotokevitra fanakaikezana, fitsinjarana, fironana, fampiroboroboana sy fiarovana ny tombontsoan'ny mponina.

## • Andininy 27

Ny sehatry ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina dia miompana indrindra amin'ny :

1. famantarana ireo otrikarena sy filàna ara-toekarena, ara-piarahamonina, ara-kolontsaina sy ara-tontolo iainana sy ny fanatanterahana ireo zavatra atao mifandraika amin'izany ;
2. fanatotosana ireo asa hafa rehetra tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefany araka ny didy aman-dalàna manokana.

## • Andininy 28

[...] EO AMIN'NY LAFINY FIARAHAMONINA SY KOLONTSAINA : 1. ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo asa mifandraika amin'ny : - fitantanana ny fanaovan-dalana, ny rano sy ny fanadiovana ny tanàna, ny fitandremam-pahasalamana, ny fitantanana ny fakon-tokantrano ; [...]

## Lalàna laharana faha 2015-052 mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana

## • Andininy 23

Ny fampidirana rano fisotro sy ny fanadiovana ho ara-pahasalamana ny trano rehetra atao ho fonenana sy ny trano atao ho fiasana andro sy alina, ho fialan-tsasatra na fakana aina, ary koa ny famoahana, ny fandiovana sy fanariana rano maloto, dia tsy maintsy tontosaina araka ny fepetra mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika manan-kery, amin'ny vinavinan'ireo tetikasa fampidirana rano fitsotro sy fanadiovana ho ara-pahasalamana.

## • Andininy 24

Raha tsy misy ny tambajotram-bahoaka ary raha toa ka azo antoka ny fitandroam-pahadiovana ankapobe sy ny fitandremam-pahasalamana dia avy amin'ny fantsakana tokana ihany no amatsian-drano ny tambajotra fizaran-drano fisotro na, raha tsy mety mihitsy izany, dia avy amin'ny farafahakelin'ny isan'ny fantsakana ; ny tambajotra fanarian-drano maloto dia miafara amina taoraha fandiovana tokana sy fanariana azy amin'ny faritra voajanahary na, raha tsy mety mihitsy, dia amin'ny farafahakelin'ny isan'ireny taoraha ireny.

Ankoatra izany, ny fanorenana ireny tsangan'asa iombonana ireny dia atao mba hahazoana mampifandray azy any aoriania amin'ny tambajotram-bahoaka voavinavina ao amin'ny tetikasa fitarihan-drano sy fanadiovana ho ara-pahasalamana. Ny rano maloto avy amina industria sy ireo rano maloto hafa isan-karazany, hodiovina, dia tsy tokony avela hifangaro amin'ny ranon'orana sy ny rano maloto avy amina industria izay azo avarina amina faritra voajanahary tsy ilàna fikarakarana.

Na izany aza, ahazoan-dalana io fifangaroana io raha toa ka tsy manano sarotra ny fandiovana ny larony vokatry ny fifangaroana. Ny fanariana rano maloto avy amin'ny industria any anaty tambajotram-bahoaka ho fanadiovana ara-pahasalamana, raha toa ka ahazoan-dalana, dia mety hiankina amina fikarakarana mialoha tandrify ny rano maloto.

Ny tsitokon'industria na ny fananganana industria mivondrona amin'ny toerana iray dia tokony lalovana tambajotra fanarian-drano maloto izay mandray ireo rano maloto avy amin'ny industria rehefa avy nandalo fikarakarana mialoha tandrify azy izy ireny, ary mitondra azy, na mankany amin'ny tambajotram-bahoaka ho fanadiovana ara-pahasalamana, raha toa ka azo ahazoan-dalana io fomba fanariana io noho ny fikarakarana mialoha efa natao, na mankany amina taoraha iombonana fandiovana sy famarinana rano maloto amina faritra voajanahary.

## Lalàna laharana faha 2015-051 momba ny Sori-dalan-kitondrana ny Fanajariana ny Tany izay mandray anjara amin'ny fanadiovana.

Eo amin'ny lafiny fanajariana ny tany, ny Kaominina no miandraikitra ny fametrahana, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana, ireo fotodrafitsara sy fampitaovana fototra ahafahana manajary ny tanin'ny Kaominina. Izy ireo ihany koa no miandraikitra ny fandrafetana drafitsara, ny fitantanana ny fampandrosoana ny Kaominina ary ny fanatanterahana ny lahasam-panajariana ny toerana an'ny Kaominina ahitana : - ny lahasa momba ny lalana, fanadiovana, fahadiovana ary fanesorana ny fakon-tokantrano [...]

### Lalàna laharana faha 2015-003

#### • Andininy 10

Ho fampiharana ny feni-kevitra momba ny mpandoto-mpanonitra, ka amin'izany, ny sara avy amin'ny fepetra fisorohana, fampihenana ny fandotoana, ady atao sy ny onitra amin'izany dia tsy maintsy zakain'ny mpandoto.

### Lalàna laharana faha 2011-002

#### • Andininy 29

Ny « fandotoana » dia izay rehetra famarinana, fanakorianana, fanariana, fanatobiana zavatra mivantana na ankolaka na inona na inona karazany, ary amin'ny ankapobeny dia izay rehetra atao ka mety hiteraka na hampitombo ny fahasimban'ny tontolo iainana, indrindra ny fahasimban'ny rano, amin'ny alalan'ny fanovana ny toetoetrany fizika, simika, biolojika na bakteriolojika sy « radioactive », na ho an'ny rano ambonin'ny tany na ambanin'ny tany. Ny vatatenan'olona rehetra na fikambanana, fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe na isam-batan'olona, misahana asa aman-draharaha mety hitera-doza ho an'ny loharano sy ny fahadiovan'ny faritra misy azy dia tsy maintsy mihevitra, ao amin'ny lahasany manokana na ao amin'ny fitantanana ankapobe ny orinasany, ny fiantraika ara-tontolo iainana ateraky ny lahasany eo amin'ny faritra manodidina sy mandray ny fepetra manokana rehetra hisorohana, hampihenana na hanafioanana ny loza vinavinaina hitranga, mandindona na mihatra.

#### • Andininy 32

Voarara, ary mitarika amin'ny fanefana sazy sahala amin'izay voalaza ao amin'ny andininy etsy ambony ny fandikana izany, ny manary anaty tany mitresaka na lavaka ireo fatim-biby, ireo sisa avy amin'ny fivarotanka, ireo zezika avy amin'ny biby, na diky hafa, ary ireo sisam-biby mety lo amin'ny ankapobeny, izay mety handoto ny rano natao hosotroina sy hampiasaina. Raràna torak'izany ihany koa ny fandevenana ivelan'ny faritra voatokana ho amin'izany rehetra.

#### • Andininy 64

Any amin' ny Kaominina ambanivohitra dia anjaran'ireo manam-pahefana ara-pitondran-draharaha sy arapahasalamana ny mitandro ny fahadiovan' ny toerana sy ny fotodrafitsara fototra mikasika ny famatsiana rano fisotro madio, fanariana ny maloto sy ny fakon-tokantrano [...]

Ary indrindra indrindra sy eo amin' ny sehatry ny fampivoarana ny ady atao amin'ny aretina mpahazo ny besinimaro sy mahafaty ary mifindra, toy ny pesta sy ny kôlera, ny fametrahana ny lavapiringa ary koa ny fitaovam-pitaterana, fandraofana ary fanalana fako, mamaly ny fenitry ny fahadiovana ara-pahasalamana takiana ao an-tanàna sy ny vakim-paritra izay tsy ahitana an' izany, dia miankina amin' ny adidy aman'andraikitry ny Kaominina sy ny Vondrom-bahoaka voakasika.

ANDININ-DALANAMIFANDRAIKAAMIN'NY TAMBERINAMIFANDRAYAMIN'NY FITANTANANA  
NY MALOTO NIANGONA

### Lalàna laharana faha 95-035

#### • Andininy 3

Ny fametrahana ny tamberin-ketra ho an'ny fanadiovana dia tsy midika ho famoronana hetra vaovao tsy manam-paharoa. Ireo tamberin-ketra ireo dia tsy mandrafitra hetra vaovao velively fa efa tafiditra amin'ireo

rijan-teny efa misy. Ny Kaominina na fiombonan'ny samy kaominina dia afaka mametraka tamberin-ketra ho an'ny fanadiovana ho tombontsoan'ny sampandraharaha misahana ny fanadiovana. Ny tamberin-ketra mahakasika ny rano maloto dia haloan'ny olona rehetra mampiasa ny tambajotram-bahoaka famatsiana rano, izay misitraka na tsia tambajotrana fanariana rano maloto, sy ny olona rehetra misitraka ny famatsiana rano manokana ho fanampin'ny na ho solon'ny famatsiana avy amin'ny tambajotram-bahoaka famatsiana rano. Ny tamberin-ketra mahakasika ny fakon-tokantrano sy/na ny fanalana maloto an-kabone dia haloan'ny olona rehetra mandoa hetran-trano. Ny antokon-draharaha miankina amin'ny fanjakana misahana ny fanadiovana dia tsy maintsy manome ny tolodraharaha mifandraika amin'izany, raha tsy izany dia henjehin'ny lalàna.

#### • Andininy 18

Ny fototra hamerana ny tamberin-ketra amin'ny fanaraha-maso ireo tsangan'asa ho fanadiovana an'ny isam-batan'olona dia ny sora-bola misoratra anaty faktiora tamin'ny nananganana ireny tsangan'asa ireny na tamin'ny nanalana maloto tao. Ny tahan'ny tamberin-ketra amin'ny fanaraha-maso ireo tsangan'asa ho fanadiovana an'ny isam-batan'olona dia hoferan'ny kaominina na ny fiombonan'ny samy kaominina isantaona, miainga avy amin'ny tolo-kevity ny SMA ho an'ny kaominina Antananarivo, ho eo anelanelan'ny 2% ka hatramin'ny 5%-n'ny sora-bola ao amin'ny faktioran'ny asa na ny fanalana maloto notanterahina.

Orinasa ankatoavin'ny kaominina no tsy maintsy miantoka ny fananganana na ny fanalana maloto an-kabone amin'ny tsangan'asa ho fanadiovana an'ny isam-batan'olona araka ny fepetra nofaritan'ny didim-pitondrana monisipaly. Io didim-pitondrana io no hamaritra indrindra ireo fepetra teknika tokony hohajaina sy ireo fombafomba famoriana tamberin-ketra amin'ireo asa fanorenana na fanalana maloto an-kabone.

#### • Andininy 19

Ny tahan'ny tamberin-ketra amin'ny fanaraha-maso ireo tsangan'asa ho fanadiovana an'ny isam-batan'olona dia hoferan'ny kaominina na ny fiombonan'ny samy kaominina isantaona, miainga avy amin'ny tolo-kevity ny SMA ho an'ny kaominina Antananarivo, ho eo anelanelan'ny 2% ka hatramin'ny 5%-n'ny sora-bola ao amin'ny faktioran'ny asa na ny fanalana maloto notanterahina.

#### • Andininy 20

Orinasa ankatoavin'ny kaominina no tsy maintsy miantoka ny fananganana na ny fanalana maloto an-kabone amin'ny tsangan'asa ho fanadiovana an'ny isam-batan'olona araka ny fepetra nofaritan'ny didim-pitondrana monisipaly. Io didim-pitondrana io no hamaritra indrindra ireo fepetra teknika tokony hohajaina sy ireo fombafomba famoriana tamberin-ketra amin'ireo asa fanorenana na fanalana maloto an-kabone.

Lalàna laharana faha 98-029

#### • Andininy 41

Ireo kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra no tompon-draharaha amin'ny petra-pitaovana famatsiana rano fisotro madio sy fanadiovana miaraka ireo rano maloto avy amin'ny isan-tokantrano, eo amin'ny toerana misy azy avy. Misahana izany andraikitra izany izy ireo amin'ny alalan'ny filan-kevity ny kaominina. Na izany aza anefa, ny Ministera misahana ny Rano Fisotro Madio no misahana izany andraikitra izany mandrapahafenon'ny kaominina ireo fepetra fahaiza-manao voafaritry ny didim-panjakana hanaovana manontolo na ny ampahany ny andraikitry ny tompon-draharaha.

Mandritra io vanim-potoana io anefa, ny Ministra misahana ny Rano Fisotro Madio dia manao ny asan'ny tompon-draharaha mpisolo toerana ny kaominina. Aorian'io vanim-potoana io, ny fifanekena vita teo amin'ny Ministra misahana ny Rano Fisotro Madio sy ny olon-tsotra dia hafindra tsy misy fepetra amin'ireo tompon-draharaha. Ho fanalefahana ny voalazan'ny andalana faha-2 amin'ity andininy ity, ny fokonolona sy/na ny fokontany dia afaka, raha mangataka izy ireo, manao ny asan'ny tompon-draharaha mpisolo-toerana ny famatsian-drano fisotro madinidinika eny ambanivohitra ao amin'ny faritra iadidiany rehefa eken'ny Antokon-draharaha Mpandrindra voatondron'ny sampana IV amin'ity toko ity, sy ny kaominina mpiahy azy.

## Lalàna fehizoro laharana faha 2014-018

### • Andininy 28

Ankoatr'ireo fepetra voalazan'ny andininy etsy aloha ireo, ny Kaominina no misahana : EO AMIN'NY LAFINY FITANTANAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA :

1. ireo asa fototra mikasika ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ara-bola ;
2. ny fitantanana ny fananany manokana ;
3. ireo asa rehetra mifandraika amin'ny fiansokonana, fiansoana ho miaramila, fiansana ny mponina ;
4. ny fanatanterahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy Kaominina sy amin'ny vondrom-bahoakam-paritra any ivelany ary ny fampiroboroboana ny fiaraha-miombon'antoka ;
5. ny fanantontosana ireo asa hafa rehetra tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefany araka ny didy aman-dalàna manokana.

EO AMIN'NY LAFINY TOEKARENA, NY FAMETRAHANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA NY KAOMININA SY FANATANTERAHANA IREO ASA MIFANDRAIKA AMIN'NY :

1. fanantontosana sy ny fitantanana ireo fotodrafirasa sy fampitaovana momba ny fivarotana toy ny toerana malalaka falehan'ny be sy ny maro, ny tsenam-bahoaka, ny tsenam'omby sy ny toeran-piantsonan'ny fiarakodia, ary ireo fampitaovana rehetra mampidi-bola toy ny toerana famonoam-biby sy ny sehatra maintso ;
2. fitantanana ny lalana, ny lalan-kely mampifandray, ny tetezana sy ny baka ho an'ny tombotsoan'ny Kaominina ;
3. fizahantany eny ifotony.

EO AMIN'NY LAFINY FIARAHAMONINA SY KOLONTSAINA :

1. ny fametrahana ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina sy ny fanatanterahana ireo asa mifandraika amin'ny :
  - fitantanana ny fanaovan-dàlana, ny rano sy ny fanadiovana ny tanàna, ny fitandremam-pahasalamana, ny fitantanana ny fakon-tokantrano ;
  - fanatanterahana, amin'ny tandrify azy, ireo asa sy fepetra sahaza mikasika ny ady amin'ny loza voajanahary ;
  - famaritana sy ny fanantontosana ireo fandaharan'asa momba ny trano fonenana sy ireo fampitaovana ho an'ny daholobe an-tanàn-dehibe na ambanivohitra ;
  - fitantanana ny fitsinjarana ny trano fonenana ;
  - fandriampahalemana ifotony sy ny fiarovana ny mponina ;
  - fanantontosana ireo asa sosialy indrindra ny amin'ny fanomezana tombony ireo olona manana fahasembanana, ny zokiolona sy ny olona sahirana ara-pivelomana ;
  - fitantanana ireo fotodrafirasa sy fampitaovana fototra ho an'ny daholobe ara-tsosialy, ara-panabeazana, ara-kolontsaina, sy ara-panatanjahantena ary ara-pahasalamana : akanin-jaza, sekoly fanabeazana fototra, sekoly ambaratonga faharoa ary tobim-pahasalamana fototra ;
2. ny fanantontosana sy ny fitantanana ny vala sy sehatra fialam-boly sahaza ny Kaominina ;
3. ary ny fampiroboroboana ireo kolontsaina mampiavaka.

EO AMIN'NY LAFINY TONTOLO IAINANA, NY FAMETRAHANA NY DRAFITRA FAMPANDROSOANA NY KAOMININA SY NY FANANTANTERAHANA IREO ASA MIFANDRAIKA AMIN'NY :

1. fandraisana anjara amin'ny fikajiana, fanomezan-danja, fitantanana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary ;
2. fisorohana sy ny ady amin'ny doro tanety sy ny fandripahana ny ala.

## Lalàna laharana faha 2011-002

### • Andininy 64

Any amin' ny Kaominina ambanivohitra dia anjaran'ireo manam-pahefana ara-pitondran-draharaha sy ara-pahasalamana no mitandro ny fahadiovan'ny toerana sy ny fotodrafifrasa fototra mikasika ny famatsiana rano fisotro madio, ny fanariana ny maloto sy ny fakon-tokantrano. Mba hiarovana ny filaminana sy ny fahasalamaman'ny vahoaka, ireo manam-pahefana ireo dia tsy maintsy mitandro ny fanajana antsakany sy andavany ny didy mikasika ny fahadiovana ara-pahasalamana'ny toerana sy ny fonenana sy ny fahadiovan'ny sakafio fihinana amin'ny ambaratonga rehetra: fanamboarana, fanodinana, fivarotana.

Ary indrindra indrindra sy eo amin' ny sehatry ny fampivoarana ny ady atao amin'ny aretina mpahazo ny besinimaro sy mahafaty ary mifindra, toy ny pesta sy ny kôlera, ny fametrahana ny lavapiringa ary koa ny fitaovam-pitaterana, fanangonana ary fanalana fako, mamaly ny fentry ny fahadiovana ara-pahasalamana takiana ao an-tanàna sy ny vakim-paritra izay tsy ahitana an' izany, dia miankina amin'ny adidy aman'andraikirity ny Kaominina sy ny Vondrom-bahoaka voakasika.

**OHATRAN'NY DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANAOVANA FIFANEKEM-PIASANA  
AMIN'NY MPISAHAN-DRAHARAHANA FANALANA FOTAKA AN-KABONE MIARAKA  
AMIN'NY KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA**

**Sampandrahahaha Tompon'andraikitra :** Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana (PRMP), rihana fahatelo, varavarana ankavanana.

**Dingana arahana :**

- Mamoaka fitaomana hanao tolobidy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, hanasana ireo mpisahan-draharaha rehetra liana amin'ny fanalana maloto amin'ireo kabonen-tsekolim-panjakana sy ireo tobimpahasalamana fototra ao amin'ny faritra Antananarivo. Ny fitaomana hanao tolobidy dia atao peta-drindrina eo amin'ny Kaominina sy ny « Chambre de Commerce et d'Industrie » an'Antananarivo ;
- Ireo Mpifaninana maniry handray anjara dia tsy maintsy maka ny Antontan-taratasy momba ny Fitaomana hanao Tolobidy (DAO) eny anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ;
- Ny CUA no mandinika ny tolobidy sy misafidy ny mpisahan-draharaha.

### TOVANA III

#### IREO FOMBA FANALANA FOTAKA AN-KABONE

FANALANA FOTAKA AN-KABONE AMIN'NY MILINA ENTIN-TANANA		
KARAZANA FITAOVANA	FIASANY SY TANJANY	FANAMBY
<b>Paompy Gulper</b> 	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mety amin'ny fitrohana maloto niangona tsy dia marihitra loatra.</li> <li>Salam-pikorianana : 30 L/min.</li> <li>Ny haavo mety ampiakarana dia miankina amin'ny toetry ny paompy.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Sarotra ny fidirana amina kabone kely ny trano ety ambony.</li> <li>Tsentsina raha betsaka potika zavatra tsy mety lo ny maloto niangona.</li> <li>Mora triatra ny PVC ampiasaina amin'ny vatan'ny paompy.</li> <li>Pitipitikana maloto niangona eo anelanelan'ny tendan'ny paompy sy ny fitaovana fasiana ny maloto niangona tafikatra.</li> </ul>
<b>Paompy misy fanovan-tsavaivo (à diaphragme) entin-tanana</b> 	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mety amin'ny fitrohana maloto niangona tsy dia marihitra loatra.</li> <li>Fikorianana farafahabetsany : 100 L/min.</li> <li>Haavo farany ambony mety ampiakarana : 3,5 m ka hatramin'ny 4,5 m.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Tsentsina raha feno potika zavatra tsy mety lo ny maloto niangona.</li> <li>Olana amin'ny fitanan-kanaky ny fanohizana any amin'ny lohan'ny paompy izay mitarika fidiran'ny rivotra.</li> <li>Tsy misy amin'izao fotoana izao ny paompy sy piesy hasolo ny simba.</li> </ul>
<b>Nibbler</b> 	Tokony hety amin'ny fitrohana maloto niangona antonona harihitra.	Raha ny marina tena tsy mety amin'ny fitrohana maloto niangona maina ahitana potikana zavatra tsy mety lo betsaka.
<b>MAPET</b> 	<ul style="list-style-type: none"> <li>Fikorianana betsaka indrindra : eo anelanelan'ny 10 ka hatramin'ny 40 L/min, arakaraky ny harihitry ny maloto niangona sy ny haavo mety itrohana maloto niangona hiakatra</li> <li>Haavo farany ambony mety ampiakarana : 3 metatra.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mila fahafahana mamahatra mafy ho an'ny mpandraoka kabone.</li> <li>Ny taoraha dia mipetraka eo ambonina fitaovana hafa tena ilaina izay tsy maintsy hafarana.</li> <li>Tsy fahavitan'ny mpandraoka kabone mandoa ny saran'ny fikojakojana sy fitaterana amin'ny alalan'ny vola miditra amin'izy ireo irery.</li> </ul>

## FANALANA FOTAKA AN-KABONE AMIN'NY MILINA ENTIN-TANANA

KARAZANA FAMPITAOVANA	FIASANY SY TANJANY	FANAMBY
Motopompe à membrane  	<ul style="list-style-type: none"> <li>Afaka mitroka maloto niangona ranony misy vaingana potipotijavatra manana savaivo 40 ka hatramin'ny 60 mm.</li> <li>Fikorianana farafahabetsany : eo anelanelan'ny 300 sy 330 L/min.</li> <li>Haavo farany ambony mety ampiakarana : 15 m (afaka mampiakatra maloto mora foana amina halalina samihafa).</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Tsentsina noho ny fisian'ny potipotijavatra tsy mety lo.</li> <li>Tsy misy piesy hasolo ny simba eny amin'ny tsena eny ifotony.</li> </ul>
Pompe centrifuge à eaux chargées  	<ul style="list-style-type: none"> <li>Afaka mitroka maloto niangona ranony misy vaingana potipotijavatra manana savaivo 20 ka hatramin'ny 30 mm.</li> <li>Fikorianana farafahabetsany : eo ho eo amin'ny 1 200 L/min.</li> <li>Haavo farany ambony mety ampiakarana : eo anelanelan'ny 25 ka hatramin'ny 30 m (afaka mampiakatra maloto mora foana amina halalina samihafa).</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Sarotra hita ny piesy hasolo ny simba.</li> <li>Mila fitaovana fitehirizana hafa.</li> <li>Mety ho tsentsina</li> </ul>
Tarière à boues motorisée  	<ul style="list-style-type: none"> <li>Afaka mitroka maloto niangona ranony sy fako tsy mety lo vitsivitsy.</li> <li>Fikorianana : mihoatra ny 50 L/min.</li> <li>Haavo mety ampiakarana : mihoatra ny 3 metatra (sahirana rehefa mampiakatra avy amina halalina samihafa).</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Tsy miova ny haben'ny fitaovana fandavahana ("tarière") sy ny fantsona PVC</li> <li>Tsy mety amin'ny maloto niangona maina na misy fako tsy mety lo betsaka</li> <li>Sarotra ny fanasana azy aorian'ny nampiasana azy.</li> <li>Sarotra kirakiraina noho izy maka toerana be sy mavesatra</li> </ul>
Gobbler  	<ul style="list-style-type: none"> <li>Matetika tsentsina noho ny fiangonan'ny maloto niangona amin'ny faritra mihetsiketsika.</li> <li>Haavo mety ampiakarana : mihoatra ny 3 metatra.</li> <li>Sahirana rehefa mampiakatra avy amina halalina samihafa.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Sarotra ny fanamboarana azy sady misy piesy maro mila atambatambatra.</li> <li>Mavesatra be ilay paompy</li> <li>Tsy azo ovaovaina ny halavany.</li> </ul>
Vacutug	<ul style="list-style-type: none"> <li>Afaka mitroka maloto niangona tsy dia marihitra loatra sy fako tsy mety lo vitsivitsy.</li> <li>Tsara indrindra ho an'ny toerana saro-dalana.</li> <li>Miankina amin'ny modely ny haavo mety ampiakarana.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mazana dia ela vao tonga amin'ny toerana itondrana azy izy.</li> <li>Sahirana rehefa mampiakatra maloto niangona marihitra.</li> <li>Kely ny fatrana maloto niangona zakany (500 hatramin'ny 1 900 litatra).</li> <li>Tsy ahazoana tombony ara-bola raha entina amina toerana lavitra.</li> </ul>

Camion de vidange classique	<ul style="list-style-type: none"> <li>• Afaka mitroka maloto niangona tsy dia marihitra loatra miaraka amina fako tsy mety lo sasantsasany.</li> <li>• Tsara indrindra ho an'ny fitaterana maloto niangona betsaka amina lalan-davitra.</li> <li>• Miankina amin'ny modelina paompy ampiasana ny haavo mety ampiakarana.</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>• Sahirana rehefa miditra amina toerana be mponina.</li> <li>• Sarotra kojakojaina raha amina firenena kely fidiram-bola noho ny filàny piesy manokana sasantsasany.</li> <li>• Tsy zakan'ny mpanala loto an-kabone sasany ny saran'ny fampiasam-bola aminy.</li> </ul>
-----------------------------	--	--

## LISITR'IREEO MPANDRAOKA KABONE MIARA-MIASA AMIN'NY SMA

- GRET AMPITATAFIKA (+261 34 12 684 17) ;
- GRET AMBOHIMANGAKELY (+261 34 27 665 92) ;
- GRET TANJOMBATO (+261 34 13 442 72) ;
- MADIO VIDANGE PLOMBERIE ET CONSTRUCTION (+261 34 43 178 08) ;
- ENTREPRISE HAINGO (+261 34 13 219 67) ;
- ASSOCIATION FAHADIOVANTSOA (+261 34 95 515 63).

## LISITR'IREEO TOBY FANODINANA MALOTO NIANGONA AN-KABONE ETO MADAGASKARA

Liste des stations de traitement de boues de vidanges fonctionnelles à Madagascar

	Fokontany	Commune	Capacité journalière	Technologie de traitement	Année de construction	Gestionnaire de site	Contact
1	Manjakaray IIC	Antananarivo Renivohitra Vème Arrondissement	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2015	SMA	0340521438
2	Ambatomaro	Antananarivo Renivohitra Vème Arrondissement	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2017	SMA	0340521523
3	Mandrangobato	Antananarivo Renivohitra IVème Arrondissement	2 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2017	SMA	0340521424
4	Anosipatrana Andrefana	Antananarivo Renivohitra IVème Arrondissement	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2016	SMA	0340521522
5	Antanjombe Avaratra	Antananarivo Renivohitra VIème Arrondissement	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2016	SMA	0340521526
6	Tanjombato	Tanjombato	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2014	Privé	Mr Mamitiana 341344272
7	Ampitatafika	Ampitatafika	1 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2016	Privé	Mr Bruno 0341268417
8	Antanambao	Ambohimangakely	1m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2021	Privé	Mr Tolotra 0342766592
9	Parcelle IV	Foulpointe - Mahavelona	0,5 m <sup>3</sup>	Biodigesteur	2017	Privé	Mme Valiscat 325760989
10		Mahajanga		Lit de séchage			
11		Toamasina		Lit de séchage		Clean Impact	
12		Brickaville				ARAFIA	
13		Ambalataratasy Fianarantsoa		Lit de séchage	2020	ECODIO	
14		Fianarantsoa				PADEV	
15		Morondava					

## FAHAZOAN-DALANA MITATITRA FOTAKA NIANGONA AN-KABONE

Ho an'Antananarivo, tsy maintsy mametraka fangatahana fahazoan-dalana manokanahivezezy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ireo mpandraoka kabone.

Sampandraharaha Tompon'andraikitra	Antontan-taratasy omanina	Sarany
<b>Departemantan'ny Fitaterana sy ny Fahafahana Mivezivezy An-tanàn-dehibe (DTMU)</b>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- Fangatahana an-tsoratra, atao amin'ny anaran'Andriamatoa Ben'ny Tanàna (02 sosaona)</li> <li>- Tahadikan'ny « carte grise » (01)</li> <li>- Fahazoan-dalana hanala fotaka an-kabone</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>- 3 Taonina 500 Kg</li> <li>- 5 T : 20.000 Ariary isan'andro</li> <li>- 5 T - 9 T : 30.000 Ariary isan'andro</li> </ul>

### Mahajanga

Ny mpanala fotaka an-kabone mampiasa ireo fiaran'ny Kaominina, toa an'ny Clean Impact, dia tsy mila mangataka fahazoan-dalana hivezivzey. Manana alalana hivezivezy ireo fiaram-panj

### Toamasina

Manana ny fiarany manokana ny mpanala fotaka an-kabone ara-dalàna Clean Impact. Ilaina ny mangataka any amin'ny Kaominina ny fahazoan-dalana hivezivezy

### Antananarivo

Mila mangataka fahazoan-dalana hivezivezy any amin'ny Kaominina ireo mpanala fotaka an-kabone.

### Mahakasika ny ora fiasan'ny mpandraoka kabone :

- Ho an'ny Mahajanga sy Toamasina, ny mpandraoka kabone dia omena alalana hiasa ny alina sy mandritra ny tontolo andro, afa-tsy amir'ny 12 ka hatramin'ny 2 ora tolakandro. Io ora fiasana io dia misoratra any anaty bokin'andraikitra ary nohamarinin'ny ONE.
- Ho an'Antananarivo, voalaza ao amin'ny Fehezam-pitsipika Monisipaly misahana ny Fikoloam-pahasalamana fa ny fanalana fotaka an-kabone lavaka dia tsy maintsy atao mandritra ny alina, indrindra ho an'ireo lavaka tsotra.

### \*Modelina fahazoan-dalana manokanahivezezy 6 (NANDRITRA NY COVID MANOKANA)

FANAMARINANA FIVEZIVEZENA NOHO NY ASA AMAN-DRAHARAHA  
 Araka ny didim-panjakana laharana faha 2020-359 tamin'ny  
 21/03/2020 milaza sy manambara ampahibemaso ny Fahamehana  
 Ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ao anatin'ny  
 ady amin'ny fihanyak ny Covid-19 sy ireo rijan-teny natao  
 momba azy taty aoriania :

Izaho izay manao sonia etsy ambany,  
 Anarana sy fanampin'ny mpampiasa :

Orinasa :

Asa :

Sehatr'asa :

dia milaza marina fa ny fivezivezen'ity olona manarakana ity, eo anelanelan'ny toeram-ponenany sy ny toeram-piasany, dia tena ilaina amin'ny fanatantehanahy ny lahsan'ny orinasa ary tsy azo atao « télétravail » :

Anarana :

Fanampiny :

Daty nahaterahanan :

Adiresin'ny toeram-ponenana :

Karazan'ny asa :

Toerana anatantehanana ny asa :

Fomba iveauzezena :

Faharetan'ny fananan-kery :

Anarana sy fitomboky ny mpampiasa :

Natao teto :

Ny :

Ity rakikevitra nataon'ny mpampiasa ity dia ampy hanamarinana ny fivezivezen'ny mpisia iray noho ny asa aman-drahahany, na izy io mahakasika ny :

- lalana mahazatra eo anelanelan'ny toeram-ponenany sy ny toeram-piasany na ny fivezivezena eo amin'ny toeram-piasana maro samihafa raha takian'ny asa aman-drahahany izany ; na

- ny fivezivezena noho ny asa aman-drahahara tsy azo ahemotra noho ny fangatahan'ny mpampiasa. Ny faharetan'ny fananan-kerin'ity taratasy fanamarinana ity dia faritan'ny mpampiasa. Tsy ilaina noho izany ny manavao azy ity isan'andro. Io faharetany io dia tokony hifanaraka amin'ny fandaminana asa napetraky ny mpampiasa (fifandimbiasan'ny mpisia misa ohatra) sy ny fotoana tsy fiasana na fialan-tsasatra.

FANAMARINANA FIVEZIVEZENA NOHO NY ASA AMAN-DRAHARAHA  
 Araka ny didim-panjakana laharana faha 2020-359 tamin'ny  
 21/03/2020 milaza sy manambara ampahibemaso ny Fahamehana  
 Ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ao anatin'ny  
 ady amin'ny fihanyak ny Covid-19 sy ireo rijan-teny natao  
 momba azy taty aoriania :

Izaho izay manao sonia etsy ambany,

Anarana sy fanampin'ny mpampiasa :

Orinasa :

Asa :

Sehatr'asa :

dia manamarina fa ITY FIARA manarakana ity dia mitatitra mpisia ary ny fivezivezen'izy ireo eo anelanelan'ny toeram-ponenany sy ny toeram-piasany, dia tena ilaina amin'ny fanatantehanahy ny lahsan'ny orinasa ary tsy azo atao « télétravail » :

Laharan'ny fiara :

Marika :

Karazan'ny :

Isan'ny toerana :

Karazan'ny asa :

Toerana anatantehanana ny asa :

Anarana sy fitomboky ny mpampiasa :

Natao teto :

Ny :

Ity rakikevitra nataon'ny mpampiasa ity dia ampy hanamarinana ny fivezivezen'ny mpisia iray noho ny asa aman-drahahany, na izy io mahakasika ny :

- lalana mahazatra eo anelanelan'ny toeram-ponenany sy ny toeram-piasany na ny fivezivezena eo amin'ny toeram-piasana maro samihafa raha takian'ny asa aman-drahahany izany ; na

- ny fivezivezena noho ny asa aman-drahahara tsy azo ahemotra noho ny fangatahan'ny mpampiasa. Ny faharetan'ny fananan-kerin'ity taratasy fanamarinana ity dia faritan'ny mpampiasa. Tsy ilaina noho izany ny manavao azy ity isan'andro. Io faharetany io dia tokony hifanaraka amin'ny fandaminana asa napetraky ny mpampiasa (fifandimbiasan'ny mpisia misa ohatra) sy ny fotoana tsy fiasana na fialan-tsasatra.

**IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA ARAKA NY LALANA MIFANDRAIKA AMIN'NY FAHASALAMANA SY AROLOZA**

Ireo adidy aman'andraikitra fototra mifandraika amin'ny fahasalamana sy ny arolozan'ny mpiasa dia voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny Asa malagasy.

**Ministeran'ny Asa, ny Fampananan'Asa, ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy, 2003, « LALANA LAHARANA FAHA 2003 -044, Momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny Asa ».**

**• Andininy 110**

Ny mpampiasa rehetra dia tsy maintsy manome ny fampitaovana sy ny fitafiana tandrify rehetra hiarovana miaraka na manokana ny aina sy ny fahasalamana'ny mpiasa amin'ireo loza mety hitranga noho ny fanaovana ny asa ary indrindra, amin'ny tsimokaretina VIH/SIDA eo amin'ny toeram-piasana.

**• Andininy 115**

Ny mpiasa dia tsy maintsy manana rano fisotro madio, efitrano fidiovana sy fisoloana akanjo tandrify azy, ary koa izay fanaka rehetra ilainy hananany fiadanana mandritra ny fotoana iasany.

**• Andininy 123**

Ny mpampiasa dia tsy maintsy mampahalala sy manofana ny mpiasa mahakasika ireo fepetra momba ny aroloza sy fahasalamana mifandraika amin'ny asa sahaniny.

**• Andininy 128**

Ny sampandrahahara ara-pitsaboana momba ny asa dia miandraikitra ny fisorohana ny fiharatsian'ny fahasalamana'ny mpiasa vokatry ny asany, indrindra ny fanarahama-maso ny fepetry ny fitandremapahasalamana sy ny fiarovana eny amin'ny toeram-piasana. Ny misoroka no tena anjara asany voalohany.

**• Andininy 129**

Ny sampandrahahara ara-pitsaboana momba ny asa dia sampandrahahara ara-pitsaboana momba ny asa eny anivon'ny orinasa na sampandrahahara ara-pitsaboana momba ny asa eny anivon'ny toeram-piasana na sampandrahahara ara-pitsaboana momba ny asa iraisan'ny orinasa na iraisan'ny toeram-piasana, arakaraka ny fombafomba voalazan'ny rijan-teny fampiharana. Izay rehetra mihoatra ireo fepetra ireo dia hofaritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**• Andininy 130**

Ny vatatenan'olona rehetra na fikambanana misahana asa aman-drahahaha na inona na inona endrin sy mampiasa mpiasa iray na maro dia tsy maintsy miantoka ny fisitrahana'ireto farany tolotra ara-pitsaboana sy ara-pahasalamana, araka izay voafaritra ao amin'ny andininy 128 etsy ambony



Sary nalain'i Eco-dio vidange, Madio vidange ary GRET

## BOKY TOROLALANA MOMBA NY FANDRAOFANA FOTAKAAN-KABONE MADIO SYARA-PAHASALAMANA

Efa manomboka mivoatra tsikelikely ny fitantanana ny fandraofana ireo tay eto Madagasikara nohon'ny fanohanan'ireo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana sy avy any ivelany. Na dia samy hafa aza ny firehen-kevitri'zy ireo dia tsy vitsy ny singa iraisana hita sy afaka zaraina eo amin'ny famelabelarana ny sampam-piasana.

Tao anatin'izay fijery izay no nahatonga ny Ran'Eau nanamora ny fametrahana sy ny fanentanana ny fikambanan'ny vondrona arak-asa izay mampikambana ireo orinasa, vondrona samihafa, manam-pahefana, ONG, mba afahana mifampizara ny fahaizamanaon'ny tsirairay sy mampitombo ny fahalalany.

Noho izany, ity boky ity dia vokatry ny fiarahamiasa amin'ireo mpikambana ao anatin'ny vondrona arak-asa iray ity, boky iray mikasa hitondra ny singa rehetra ilain'ireo mpisehatra izay manam-pikasana ny hiditra eo amin'ny tontolon'ny fitantanana sy fandraofana ny fotaky ny tay eto anivon'ny rehivohitr'i Madagasikara.

Ity boky ity dia mamaly ireto fanontaniana manaraka ireto :

- Inona avy ireo fitsipi-dalàna mifehy ny fitantanana ny fanalàna ireo fotaky ny diky ?
- Inona avy ireo dingana arahina ho an'ny mpanjifa mangataka horaofina tay ?
- Inona avy ireo dingana ara-panjakana arahina raha mieritreritra ny hanangana orinasa mpandroaka tay ?
- Manao ahoana ny fizotrin'ny fakana fotaky ny diky ?
- Inona avy ireo fepetra arahina mba ho fitandrona ny fahasalamana'ireo mpaka tay sy mba hiarovana azy ireo amin'ny loza mety hitranga ?

Torolalana novokarina niaraka tamin'ny fanohanan'ny :

